# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

**KILASY :** Faha Valo A
**Lesona** : « **Ny filazantsara synoptika sy ny filantsara araka an'i MARKA** »

**TSARA HO FANTATRA :** Iray amin'ny sokajy efatra misy ao amin'ny Testamenta vaovao ny Filazantsara.

***Filazantsara*** : Enti-milaza hafatra tsara, ny vaovao mahafaly ambaran'i Jesoa kristy sy ny Apostoly. Ireo boky 4 ireo dia mitantara ny fiainan'i Jesoa sy ny asa nataony. Ny Filazantsara koa dia entina milaza an'i Jesoa Kristy mihitsy.

***Synoptika*** : Teny teknika iantsoana zavatra roa na maromaro azo atao indray mijery, na azo ampitahaina satria manana fitoviana betsaka. Avy amin'ny teny Grika io teny io ka jery faobe, miray fijery no dikany. Koa ny Filazantsara synoptika dia ireo Filazantsara manana fijery mitovy ary azo anaovana fijery faobe miaraka satria misy itovizana. Ny Filazantsara Matio sy Marka ary Lioka no antsoina hoe Filazantsara Synoptika.

- **VOTOATIN'NY LESONA** :

Filazantsara synoptika : Filazantsara ahitana indray mijery ny tantaram-piainan'i Jesoa. Misy iombonany sy itovizany eo amin'ny firafitry ny boky sy ny tantara asehony.

Azo atao ny mampitaha ireto ohatra :

- Ny niantsoana ny Mpianatra : Mat 4 :18-22, Mar 1 :16-20, Lio 5 :1-11
- Ny nahasitranan'i Jesoa ilay Boka : Mat 8 :2-4, Mar 1 :40-45, Lio 5 :12-15
- Ny nahasitranana ilay mararin'ny paralisisa : Mat 9 :1-8, Mar 2 :1-12, Lio 5 :17-26
- Ny nanotazana ny salohim-bary tamin'ny Sabata : Mat 12 : 1-8 , Mar 2 :23-28, Lio 6 :1-5
- Ny niovan'i Jesoa tarehy tao an-tendrombohitra : Mat 17 :1-8, Mar 9 :2-8, Lio 6 :1-5

**a) Ny Filazantsara telo sy ny fahasamihafany**

Ny iavahan'i Matio sy Lioka dia ny fitantarany ny nahaterahan'i Jesoa ; ny an'i Matio dia Magy no tonga tany amin'i Jesoa, fa ny an'i Lioka dia ny Mpiandry ondry.

Ny an'i Lioka manokana ohatra ny Samaritana tsara fanahy Lioka 10 :25-37, ny zanaka adala Lioka 15 :11-32. Tsy voalazan'i Marka ireto : Fampianarana lava nataon'i Jesoa tao an-tendrombohitra, ny nakan'ny devoly fanahy an'i Jesoa, ny amin'ny ondry very.

Ny niteraka ny fitoviana dia nanovo hevitra tamin'ny filazantsaran'i Marka i Matio sy Lioka vao nanoratra sy nikaroka loharano-baovao.

**b) Ny filazantsara araka an'i Marka**

Ity Filazantsara ity no azo antoka fa voasoratra voalohany. Tsotra sady fohy, tsy misy ifampitohizany loatra indraindray ny tantara ambarany. Ny asan'i Jesoa niainga avy tao Galilia ary nivelatra tamin'ny manodidina, niainga tamin'ny toerana iray ary nivelatra ny asam-pamonjena araka an'i Marka.

Ny fomba isehoan'i Jesoa amin'ny maha KRISTY ZANAK'ANDRIAMANITRA AZY dia mizara roa :

**Tamin'ny asany** : porofoiny fa resiny i satana sy ny herin'ny fanahy ratsy, manana fahefana Izy.

**Tamin'ny fampianarany** : sarotra sy tsy azoazon'ny olona, eny fa na dia ny Mpianatra, toy ny amin'ny voa nafafy, ny voantsinampy, ny amin'ny lehillahy namafy voa.

**Ny asa soratra** : mahitsihitsy sy mivantambantana ny filazan'ny mpanoratra ny hevitra, tsy milahatra araka ny fotoana nisehoan'ny tantara.

**Ny mpanoratra** : Marka no loharano nahazoana ity Filantsara ity nefa tsy fantatra hoe iza no nanoratra ka nahazoana izao endriny izao. Koa ambara fotsiny hoe : Filazantsara araka an'i Marka, fa tsy hoe nosoratany akory. I Marka dia ilay mpandika teny an'i Petera rehefa nandeha nitety tany nitory ny Filazantsara izy. Izy no nantsoina hoe « Zanany » ao amin'ny I Petera 5 :13. I Marka ihany koa no antsoina hoe Jaona Marka. Mpianatr'i Petera izy. Havan'i Barnabasy koa i Jaona Marka. Dinidinika sy fitantarana azony tamin'i Pereta no nosoratany sy nalaminy, toa manamafy izany ny nanomezany toerana lehibe an'i Petera ao amin'ny filazantsarany.

**Ny fotoana nanoratana** : tokony ho tamin'ny taoana 70 tany ho any, izany hoe tokony ho 40 taona taorian'ny nahafatesan'i Jesoa, araka ny Marka 13 :14 dia toy ny mbola tsy rava ny Tempoly tao Jerosalema.

**Drafitra faobe** : azo zaraina roa lehibe rehefa esorina ny fitarihan-teny 1 :1-13, sy ny famaranana 16 :1-8. Ny Fahefan'ny Zanak'Andriamanitra, sy ny fanompoan'ny Zanak'Andriamanitra.

Fanamarihana : miafara amin'ny tahotra ity Filazantsara ity, tany am-piandohana dia tsy nahitana ny 16 :9-20 fa noheverina fa nisy tohiny saingy tsy hita, hany ka tampoka be momba ny filzana ny tahotra no niafaran'ny Filazantsara.

Ny Mpampianatra RAJAONA Ndisa

# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

**Lesona** : « **MOMBA NY EPISTILIN'I PAOLY: FITARIHAN-TENY MOMBA NY EFESIANA** »

**NY APOSTOLY PAOLY SY NY EPISTILINY**

1. **Ny Epistily**

Ny Epistily dia taratasy nalefan'ny Apostoly :

- ho an'ny Fiangonana vao naorina
- Na ho an'ny olona manokana nitantana sy nanana andraikitra teo amin'ny Fiangonana

Nosoratana ny Epistily mba hanoro-lalana ny Fiangonana, na hampianatra, na hananatra teo amin'ny fombany, na koa hampahery.

Ny Epistily nosoratan'i Paoly Apostoly dia miisa 13:

- Ny Epistily voasoratra voalohany: I sy II Tesaloniana
- Ireo Epistily Lehibe: Romana, I sy II Korintiana, Galatiana
- Ny Epistily nosoratany tany an-tranomaizina: Efesiana, Filipiana, Filemona, Kolosiana
- Ny Epistily pastoraly: I sy II Timoty, Titosy; Epistily izay nosoratany ho an'ny mpiara-miasa taminy izay nitondra Fiangonana.

2. **Paoly Apostoly sy ny fiainany**

- Saoly no anarany ary avy any Tarsisy izy ka nantsoina hoe Saoly avy any Tarsisy. Niova ho Paoly izany taty aoriana. Zanak' olona ambony izay nanana ny zom-pirenena Romana izy( Olo-malaza ihany no omena izany)- Nandranto fianarana ambony ary karazam-pahalalana maro i Paoly tamin'ny fahatanorany- Nianatra hatrany Jerosalema izy ary mpianatr'i Raby Gamaliela. Tsy mba Apostoly nanara-dia an'i Jesoa Kristy tahaka an-dry Petera izy.
- Fariseo ary tena nirehareha amin'ny maha Jiosy sy Fariseo azy i Paoly. Mpanenjika mafana fo ny Kristiana i Paoly alohan'ny niovany fo ary an'isany nankasitraka ny namonoana an'i Stefana izy. Rehefa nandeha ho any Damaskosy hisambotra ny Kristiana izy, dia nisehoan'i Jesoa teny an-dalana ka izany no nampiova fo azy. Apostolin'ny Jentilisa koa no niantsoana azy.
- Mpanao lay ( na ''tente'') ny asan'i Paoly- Lasa Misionera mafana fo tokoa izy rehefa niova fo satria dia nandeha lavitra tokoa izy fa tsy mba nijanona tao Jerosalema toy ny ankamaroan' ireo Apostolin'i Jesoa KRISTY. Izany no nahatonga azy nandefa taratasy na Epistily ho an'ny Fiangonana na olona nanana andraikitra tany amin'ireny Fiangonana niorina ireny rehefa avy nitoriany ny Filazantsara ny olona.
- Efesosy dia any Azia Minora ( na Asie Mineure), Turquie amin'izao fotoana izao. Efesiana ny mponina any.

**NY EPISTILY HO AN'NY EFESIANA**

- Efesosy dia any Azia Minora(na Asie Mineure), Turquie amin'izao fotoana izao. Efesiana ny mponina any.
- Taratasy nalefa ho an'ny Fiangonana tany Efesosy. Sokajiana ao amin'ny **''Epistily nosoratana tany an-tranomaizina ''**, satria tany am-ponja i Paoly no nanoratra azy. Hoy izy hoe'' Mpifatotra an'i Kristy izy''( Efesiana 3.1, 4.1, 6.20- Filem and 9, 10, 13,27- Kolos 4.3, 10,18).
- Iray tamin'ireo Fiangonana 7 nanoratana taratasy manokana, ao amin'ny Bokin'ny Apokalipsy Efesosy. Nanana fiantraikany teo amin'ny fiainan'ny Fiangonana ny naha tanàna amoron-dranomasina azy satria maro ny zava-baovao tonga sy fiovaovana hita tao noho izany.

1. **Drafitra: Misy toko 6 izay mizara 2**

Toko1-3: Ny Fiangonana no fahatanterahan'ny asam-pamonjen'Andriamanitra; iray ihany ny vahoakan'Andriamanitra dia ny Jiosy sy ny Jentilisa mpino niova fo.

Toko 4-6: Firaisan'ny mpino rehetra manana firaisan-tsaina sy fiombonana amin'ny maha vatana iray azy ao amin'i Kristy. Fiangonana oharina amin'ny Vatana, Tempoly, Fofom-badin'i Kristy, Miaramilan'i Kristy.

Misy ifandraisany sy itoviany be dia be ny Epistily ho an'ny Efesiana sy ny Epistily ho an'ny Kolosiana.

2. **Foto-kevitra ampitain'ny Epistily ho an'ny Efesiana:**

a) Tao amin'i Jesoa Kristy ny asam-pamonjen'Andriamanitra: ny Batisa manambara ny firaisana sy ny fiombonan'ny Mpino ary ny fahasoavana maimaim-poana no fototr'izany.

b) Manana fiombonana lalina i Kristy sy ny Fiangonana(tahaka ny fiombonan'ny lehilahy sy vehivavy ao amin'ny fanambadiana). Tenan' i Kristy ny Fiangonana. Tahaka ny fifandraisan'ny vatana amin'ny loha izany ka ny lehilahy no lohan'ny vehivavy. Izany no anehoana fa I Kristy no lohan'ny Fiangonana.

c) Ny Fahasoavan'Andriamanitra manome maimaim-poana ny famelan-keloka sy ny famonjena azo avy amin'ny finoana. Midika izany fa tsy avy amin'ny asa ny famonjena fa fanomezana avy amin'Andriamanitra.

d) Ny fampihavanana ny olona rehetra sy izao tontolo izao amin'Andriamanitra, ka na ny Jentilisa aza dia omena anjara amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.

3. **Lesona sy Fampiharana:**

- Nitory manerana ny tany maro tany amin'ny Jentilisa i Paoly- Iza no olona hitorianao an'i Jesoa Kristy? Aiza avy no toerana afaka hitorianao an'i Jesoa Kristy? Angataho amin'Andriamanitra izany rehefa mivavaka ianao, dia angataho koa ny Fanahy Masina hanampy anao hitory an'i Jesoa Kristy.
- Nanoratra ny Epistily ho an'ny Efesiana tany am-pigadrana I Paoly-Tsy mora ny manaraka an'i Jesoa- Hoy ny Tompo:''Ety amin'izao tontolo izao no hahitanareo fahoriana nefa matokia Izaho efa naharesy izao tontolo izao''- Inona ary no mba hafoinao mba hahafahanao mitory an'i Kristy? Mba iza no hitorianao an'i Kristy na mba hataonao ahoana no hitorianao an'i Kristy rehefa manao Face Book ianao? Angataho ny Fanahy Masina hanolon-tsaina anao amin'izany.
- Ny Silamo no maro an'isa any Turquie amin'izao vanim-potoana iainantsika izao koa mahereza mitory sy mitondra ny olona eo amin'i Jesoa Kristy!

**TSIANJERY: EFESIANA 5:1-2a** "Koa amin'izany dia aoka hanahaka an'Andriamanitra ianareo tahaka ny zanaka malala; ary mandehana amin'ny fitiavana, toy ny nitiavan'i Kristy anareo''